# Fanantenana amin'ny alalan'i Jesoa Kristy

## Nahoana aho no mila ny fanampian'i Jesoa Kristy mba ho lasa tonga lafatra?

Nampianatra izao ny Loholona J. Devn Cornish ao amin'ny Fitopololahy:



Matetika ireo mpikambana ao amintsika no manontany hoe, "Moa ve manana fahatsarana ampy aho amin'ny maha-olona ahy?" na "Moa ve tena ho tonga any amin'ny fanjakana selestialy aho?" Mazava ho azy fa tsy misy an'izany hoe "efa ampy fahatsarana" izany. Tsy misy velively na iza na iza amintsika hanao hoe efa "mendrika" ilay famonjena omena antsika, saingy tsy tokony hahagaga ny manontany tena hoe azo ekena ve isika eo anoloan'ny Tompo. Izay no fahazoako ireo fanontaniana ireo. . . .

Aleo ataoko mivantana sy mazava. Ny valin'ny fanontaniana hoe "Manana fahatsarana ampy ve aho?" sy ny hoe "Ho tonga any ve aho?" dia "Eny! Hanana fahatsarana ampy ianao" ary "Eny, ho tonga any ianao rehefa manohy mibebaka sy tsy manamarin-tena ary tsy mikomy." Ilay Andriamanitry ny lanitra dia tsy hoe mpitsara tsy miantra ka mitady izay mety ho fialan-tsiny handroahana antsika hiala ao anatin'ny lalao. Izy ilay Raintsika be fitiavana tanteraka, izay maniry mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra ny hiverenan'ny zanany rehetra hody sy hiaraka hipetraka Aminy ho toy ny fianakaviana mandrakizay. Tena nomeny ny Zanany Lahitokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana ny fiainana mandrakizay! Aoka ianareo mba hino sy handray fanantenana sy fampaherezana avy amin'izany fahamarinana mandrakizay izany. Maniry ny hahatongavantsika any ny Raintsika any An-danitra! Izay no Asany sy Voninahiny. (J. Devn Cornish, "Manana fahatsarana ampy ve aho? Ho tonga any ve aho?," *Liahona*, nôv. 2016, 32–33)

## Inona no azoko atao mba "[h]atao fanaperana [amin'ny] alalan'i Jesoa" aho?

Ny Rahavavy Carol F. McConkie, izay tao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany teo aloha, dia nampianatra izao:



Ny fanantenantsika hanana fahamasinana dia mifototra amin'i Kristy, ao amin'ny famindram-pony sy ny fahasoavany. Afaka ny ho lasa madio tsy misy pentina amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany isika rehefa lavintsika amin'ny tenantsika ny toetra tsy araka an' Andriamanitra [jereo ny Môrônia 10:32–33] ary mibebaka marina isika. Atao batisa amin'ny rano isika ho famelana ny fahotana. Hamasinina ny fanahintsika rehefa mandray ny Fanahy Masina amin'ny fo manontolo isika. Isan-kerinandro dia mandray ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo isika. Manao fanekena ao anatin'ny toe-panahy vonona ny hibebaka omban'ny fanirina amin-kintsim-po hanao ny marina isika fa vonona ny hitondra eo amintsika ny anaran'i Kristy, ny hahatsiaro azy, ary ny hitandrina ny didiny mba hananantsika mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika. Rehefa mandeha ny fotoana, rehefa miezaka ny ho lasa iray miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina isika dia lasa manana ny toetra araka an' Andriamanitra tahaka ny Azy Ireo [jereo ny 2 Petera 1:4]. (Carol F. McConkie, "Ny hatsaran'ny fahamasinana," *Liahona*, mey 2017, 10)

Nampianatra izao ny Loholona Dale G. Renlund ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Miraharaha bebe kokoa ny maha-isika antsika sy izay hahatongavantsika Andriamanitra raha oharina amin'ny naha-isika antsika teo aloha. Manan-danja Aminy ny fanohizantsika ny ezaka. (Dale G. Renlund, "Manohy miezaka ny Olomasin'ny Andro Farany," *Liahona*, mey 2015, 56)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_273-1